même que les *dina*. Mais certains sont devenus égoïstes et n'ont plus fait attention à la collectivité villageoise, mais ils ont apporté l'affaire tout de suite devant la justice.

Et d'un, si des litiges surgissent entre les gens. Mais quelque fois il y a aussi des gens qui ont commis des fautes envers *Zañahary* ou les esprits des morts et surtout envers les ancêtres. Dans ce cas il va se produire autre chose.

Si une personne a commis une faute envers l'un de ces esprits ou a transgressé un interdit et qu'il a été surpris par un ami, alors il va demander pardon en fonction de la faute qu'il a commise. Quelquefois cette bêtise passe inaperçue et il laisse tout passer. Plus tard, il lui arrive un malheur, soit une maladie soit la malchance dans tout ce qu'il entreprend, alors il va consulter un devin. Il parle de ce qui lui arrive au devin et le *sikidy* révèle ce qu'il a fait. C'est donc aussi une raison pour amener les gens à demander pardon.

A y réfléchir de près, c'est la peur des sanctions qui est à l'origine de la demande de pardon chez les gens. Ils ont eu peur d'être décapité, alors ils ont demandé pardon du temps de la royauté. C'est la peur d'être rejetés par la famille suite à une très grave faute qu'ils

no mahavy ñ'olo hiantota...

Iy da maro ñy sazy nisy tamin'ity faritsy ity añy; nisy tamin'ñy andron'ñy fahampanjaka, nisy tamin'ñy andron'ñy fahavazaha, da misy ñy koa ñy hitantsika henany izao. Amin'ñy henany izao aloha da-fa ñy hagadrà sy ñy fandoava hoñitsy no sazy misy. Fa tamin'ñy taloha da maro ñy sazy. Nisy ñy fanasà, io izao da sazy ataon'ñy fokonolo ñy olo tsy mandoa dina. Laha tsy mety mandoa dina ñ'olo raiky da sasan'ñy fokonolo, ataony hazo fotsy, arian'ñy tanà, ka amin'izay da tsy misy mahazo mikasikasiky anazy. Laha eo misy mikasiky anazy da iharan'io didy io koa. Misy koa tsy ñy fokonolo no manasa fa ñy ray niteraky; ohatsy laha nanao hadala mamofady ñ'anaky da sasan'ñy abany tsy ho anany koa. Ka amin'io da indesin' ñy abany amin'ñy fokonolo eo zaza io hañariany azy. Ankoatsy an'izay da nisy koa ñy dina, io da sazy mitovy amin'ñy henany izao, sazy fandoava hoñotsy. Ka amin'io da mety ho olo raiky ñy voa dina mety ho fianakavia, da mety ho tanà avao koa.

Misy koa zao sazy hafa fahita amin'ity faritsy ity eo amiñ'apela. Laha eo misy ampela vita fomba, miala ñy vadiny na rinoaky ñy vadiny noho ñy

demandent aussi pardon. Mais malgré tout, certains viennent demander pardon parce qu'ils aiment rester en bons termes avec leur entourage tout simplement.

La réalité est que dans cette région existaient diverses sortes de sanctions. Il y en avait durant la royauté, durant la colonisation et aussi à notre époque actuelle. Aujourd'hui, les sanctions consistent surtout en emprisonnement et en paiement de réparations. Mais autrefois, il avait des différentes sortes. Il y avait le rejet, *fanasà*. Il s'agissait d'une sanction que les autorités villageoises infligeaient aux gens qui ne s'acquittaient pas du *dina*. Si quelqu'un ne veut pas s'acquitter du *dina*, la collectivité villageoise le rejette, le met en quarantaine, le chasse du village. Et alors personne n'a le droit de le fréquenter. Si quelqu'un le fréquente, il est lui aussi victime de cette sanction. Parfois ce n'est pas la collectivité qui rejette mais le père lui-même. Par exemple, si un enfant a commis une faute très grave, son père le rejette au point de ne plus le considérer comme son enfant. Alors, le père emmène son enfant devant le *fokonolo* pour le rejeter. Excepté cela, il avait aussi le *dina* une sanction semblable à celle d'aujourd'hui, une sanction consistant à payer une amende. A ce sujet, il se peut que ce soit un individu, une famille ou un

ditsiny da ataon'ny vadiny talilava. Ataon'ny lilahy ela be ny hatalilavany soa tsy hisy olo sahy hañakatsy azy, ka laha eo misy sahy mañakatsy io ampela io da voasazy omby, sady amin'izay da mbo anañany vadiny taloha fahefà iy.

Mañaraky an'izay da eo koa ny tandra, amin'ny lafiny raiky izao da fomba ny tandra nefa amin'ny lafiny ilany koa lafa noteré n'olo hanao anazy, da sazy iy amin'izay. Laha misy ohatsy olo tratsy nandoto kianja dia voasazy iy hanandra io kianja io.

Ireo ny sazy fampiasan'ny fokonolo, fa nisy avao koa ny sazy hafa tamin'ny fahampanjaka. Teo ny mahombe na famarinana ho andevo, io dia fanasazina ny olo tsotra nanao heloka tamin'ny fianakavian'ny mpanjaka. Nisy koa ny famonoa na fanapahan-doha laha eo olo tratsy namosavy na nioko amin'ny mpanjaka. Tamin'io famonoa olo io da nisy ny mivanta izany hoe avy da novonoa, fa misy avao koa ny novonoa tamin'ny alalan'ny tangé.

Laha araky fahitako anazy da fampitandrema n'olo tsy hanao raha ratsy ny sazy; mety ho fañanara n'olo hanao ny to avao koa iy sady fameza ny olo tsy mety atao. Akoatry an'izay ny fampihara ara-dalà ny lalà amin'ny tanà no

village qui soit sujet au *dina*.

Il existe aussi, dans cette région, des sanctions qui s'abattent sur les femmes. Si une femme mariée traditionnellement quitte son mari ou a été répudiée par ce dernier à cause de son infidélité, son mari tarde à lui rendre sa liberté. Il laisse traîner cette situation pour qu'aucun homme n'ose l'épouser. Si un prétendant ose l'épouser, celui-ci devra payer un bœuf au mari. De plus son ancien mari continuera à avoir autorité sur elle.

Ensuite, il y a aussi le *tandra*. D'un côté, le *tandra* est un rite, mais de l'autre, si on oblige les gens à accomplir, il devient une sanction. Si par exemple quelqu'un a été surpris entrain de souiller la cour de quelqu'un d'autre, il est obligé de la purifier.

Telles sont les sanctions appliquées par le *fokonolo*. Durant la royauté, il en existait d'autres, comme la réduction en esclavage. Cette sanction s'appliquait à un individu qu'avait commis une faute envers la famille royale. Il avait aussi la décapitation applicable à un individu pris en train d'ensorceler le roi ou qui se révoltait contre lui. Pour ces exécutions, certaines se faisaient directement, c'est-à-dire que la victime était tuée. D'autres subissaient l'épreuve du tanguin.

mampilamy ñy vahoaky.

Rasolainirina Cyrille B.
Bara Mpamboly- 42 taona
Fanjakamandroso – Ihosy
13 Febroary 2008

A mon avis, une sanction sert à mettre les gens en garde pour qu'ils ne fassent plus de mal. Elle peut aussi inciter les gens à bien se comporter tout en sanctionnant les incorrigible. En outre, l'application normale de la loi instaure l'ordre social.

Rasolainirina Cyrille B.
Bara Cultivateur- 42 ans
Fanjakamandroso – Ihosy
13 Février 2008

VI- ÑY KARAZANA FIANTOTÀ

Laha miresaky ñy karaza fiantotà aloha da misy raha maromaro tokony ho fantatsy. Voalohany amin'izay ñy momba ñy raha hiantotà, sy ñy hadisoa mapiantota. Tsy mitovy manko ñy fomba fiantotà amin-jañahary sy ñy raza voho ñy fiantotà amiñ'olombelo, da hakoia izay avao koa, ndre da amy samy olombelo da misy fihasmihafany ñy fiantotà. Hafa izao ñy fiantotà laha amy hava, da hafa koa ñatao laha amiñ'olo hafa na ame zañahary sy ñy raza. Mañaraky an'izay, hafa ñy fomba fiantotà laha ohatsy ka tsy da lako loatsy ñy hadisoa. Ñy tiako ho tsaray da ñy maha sarotsy ñy resaky momba ñy fiantotà; miditsy ao iaby kila

VI- LES DIVERSES FORMES DE DEMANDE DE PARDON

Si l'on doit parler des diverses formes de demande de pardon, on devrait être au courant de plusieurs choses, tout d'abord des causes de demande de pardon, des fautes à l'origine de la demande de pardon. Différentes sont les façons de demander pardon à Dieu, aux Ancêtres et aux humains. Et même, entre hommes, des différences sont à relever. Il ya une façon de demander pardon à de proches parents, à d'autres personnes, à Dieu et aux Ancêtres. La demande de pardon est différente si la faute n'est pas grave. Je veux aussi dire qu'il est difficile de parler de demande de pardon car les moindres détails interviennent, même les gens ont tous des relations. Mais quelle que soit sa

raha maditsiditsiky io, ndre da hatramin'ny hatsotriñ'olo da misy ifandraisany aby. Fe ndra akory akory fombany da misy antony mahavy ñ'olo hiantota. Ñy voalohany amin'izay da ñy fiaikea na fahatsapa teña fa neloky, boaky eo mamonjy ñy nanaova hadisoa hiantota, ka lafa miantota da tsy raha mañisy ñy raha natao nahadiso iñy koa.

Ka iy araky tsinarako teo iñy da misy karazany maro ñy fiantotà. Eo izao ohatsy olo raiky nanao hadisoa, ka lafa nanao hadisoa iy da tsy raha mba niola fa pindraky hitany fa nahameloky ñ'olo ñy raha nataony da miantota avy hatrany iy. Izay izao ñ'atao hoe folaky am-patora. Ka amin'io laha lihibe ñy hadisoa nataon'ilay olo, ka atahorany hañararaotsy azy ñy olo iatotany na atahorany tsy hahafehy maso ñy olo nanaovany hadisoa ñy fiantotàny dia mitady olobe iy hibaby anazy. Ka io mpibaby azy io ro mangala vaitsy azy, io ro misolo vava anazy amin'ny fitondra fifonà. Mety ho ñy ray aman-dreny no mibaby nefa matetiky koa da minday olo hafa iangavia hañampy. Mety koa nefa olo manapa-kevitsy hampihava avao nomanao mpibaby laha hitany fa mety ho ratsy ñy fiafaran'ny resaky. Io mpibaby io koa izao sindraiky no mandresy lahatry ñ'olo raiky nanao hadisoa mba

forme, il y a des raisons qui poussent à agir ainsi. La première est la reconnaissance ou la prise de conscience de sa faute, ensuite le fait d'aller vers celui envers lequel la faute a été commise pour lui demander pardon. Une fois la demande de pardon faite, on s'efforce de ne plus recommencer.

Et comme je l'ai dit, il ya diverses façons de demander pardon. Par exemple, si quelqu'un a commis une faute et qui après l'avoir reconnue, il en est conscient, alors il demande pardon. C'est ce qu'on appelle reconnaître sa faute. Et alors, si la faute commise est grave, et que celui qui a commis la faute craint que celui a qu'il a causé du mal profite de lui ou se montre réticente, il recherche un adulte qui l'accompagnera. C'est cette personne qui se substituera à lui, présentera sa demande de pardon à sa place. Cette personne pourra être son père, mais la plupart du temps il demandera l'aide de quelqu'un d'autre. Il peut aussi s'agir d'une personne qui prend l'initiative de rétablir l'amitié qui accompagnera si celle-ci craint que l'affaire dégénère. Quelquefois, cet accompagnateur convainc celui qui a commis la faute de demander pardon s'il se rend compte que son entêtement à ne pas s'excuser risque d'avoir des conséquences néfastes. Voilà pourquoi les gens disent que c'est l'accompagnateur qui

hiantota laha tsapany fa mety hanimba raha maro ñy tsy fiantotàn'ñy nanao diso. Izay no ilazañ'olo anazy hoe ñy mpibaby ro tia filongoa.

Manana ñ'andrekin'ny lihibe ñy mpibaby amin'ñy fanaova fiantotà, k'izay ro mahatonga ñy fisafidiana azy soa satria iy no minday ñy fahadisoañ'olo nanao heloky. Ka tsy kila olo da afaky hibaby, fa ñy olo mana ñy maha izy azy ankatrefan'ñy olo iantotà, na olo to teny, na olo valahara, olo tsy mpikatramo, olo mpandala fiaraha-mony, na olo mahay miresaky sy mandresy lahatry, izay no atao mpibaby. Ñ'antony, laha tsy karazan'olo koa io no mibaby da mety tsy hasian'ñy olo iantotà lanjany ñy fiantotà izay atao, na laha ohatsy ka tsy maintsy misy raha indesy hiantotà, da lasa fitaova indesy hañararaota ñy fiantotà izay atao, ka laha tokotsy ho vitan'ñy omby raiky da takiany omby dimy na folo ñy mpiatota, satria tsy mahafehy maso azy. Ka laha dinihy da tokony hisy mpibaby avao ñy mpiatota lafa hiantota satria mañamora ñy fomba fanaova fiantotà ñy fisian'ñy mpibaby no sady fañajà sy fanomezan-kasy ñy olo iantotà.

Misy koa izao ñy fiantotà amy fianakavia, saiky matetiky ñ'anaky,

aime les relations de bon voisinage.

L'accompagnateur, *mpibaby*, a une grande responsabilité dans la demande de pardon. Voilà pourquoi il faut bien le choisir car c'est lui qui exprimera la faute de celui qui est dans le tort. Ce n'est pas n'importe qui, qui peut jouer ce rôle, mais plutôt une personne qui a sa raison d'être face à la personne à qui demander pardon, quelqu'un de crédible, d'honnête, de juste, qui aime la paix social, qui sait parler et convaincre. Voilà ce doit être un *mpibaby*. La raison en est que si le *mpibaby* n'est pas quelqu'un de respectable, celui à qui on vient demander pardon risque de minimiser la demande de pardon, ou bien si on doit apporter quelque chose pour demander pardon, cette façon de faire risque de devenir un moyen d'exploitation. Et si un bœuf suffit, on peut en exiger cinq ou deux de celui qui demande pardon si l'accompagnateur n'est pas à la hauteur. Réflexion faite toute personne qui demande pardon devrait être accompagnée car la présence de l'accompagnateur facilite les choses tout en étant un signe de respect envers celui à qui on demande pardon.

Il y a aussi une demande de pardon dans la famille. Souvent les enfants, les frères, les frères et sœurs qui se disputent

mpirahalahy, mpianadahy, mpirahavavy mifañola no manao anazy. Laha eo anao nanao hadisoa tamin'ny fianakavia da indesy an-kazomanga ny fiantotà, laha tsy da manao akory loatsy moa ny hadisoa da vita an-draño avao ny fiantotà. Lafa somary mahazo fianakavia maromaro na lihibe ny heloky voho indesy an-kazomanga, laha ohatsy koa ka tena hampidi-doza amin'ny fianakavia manontolo ny heloky da tsy maintsy atao fanasà ankatrefan'ny fokonolo. Matetiky n'any tsy leo anary da sasan'ny abany tsy ho anany ankatrefan'ny fokonolo. Ka laha misy fahatongava-tsain'io zaza io afara aña da ankatrefan'ny fokonolo avao koa iy no miantota amin'ny abany. Lafa miantota io zaza sinasa io da tsy maintsy minday mpibaby iy satria efa navala tsy hoanaky tamin'ny fokonolo.

Mañaraky an'izay da misy koa ny fiantotà amin-kava, na fiantotan'ny vady. Io koa 'zao da fanaon'olo diso tamin-kava na diso tamim-bady, ka io da tsy atao an-kazomanga fa atao amin'ilay olo nanaova hadisoa, eo ankatrefan'ny ray aman-dreny, ka amin'izay ny fiantotà da na iy miaraky amin'ny voy na fandoava dina. Laha somary tsy da manao akory loatsy ny hadisoa eo amin'ny mpivady da vitandreo milamy amindreo ao avao iy. Fa laha tena sarotsy iy da misitaky

le font. Si tu as commis une faute envers la famille, ta demande de pardon devra se faire au *hazomanga*. Si la faute est bénigne, la demande de pardon est faite à la maison. Quand la faute concerne plusieurs familles ou s'avère très grave, alors on va au *hazomanga*. Si elle risque d'attirer le malheur sur toute la famille, on rejette le coupable en présence de la collectivité villageoise. Souvent, un enfant incorrigible est rejeté par son père devant la collectivité villageoise. Et si plus tard cet enfant reprend conscience, il devra demander pardon à son père devant toute la collectivité villageoise. Quand cet enfant rejeté demandera pardon à son père, il devra se faire accompagner d'un *mpibaby* car il a été rejeté en présence de la collectivité villageoise.

Ensuite, il existe une demande de pardon à ses parents, à son conjoint. Cela est aussi réalisé par quelqu'un qui a commis une faute envers un parent ou son conjoint. La demande de pardon ne se fait pas alors au *hazomanga* mais chez la personne envers laquelle la faute a été commise, en présence de ses parents. En cette occasion, la demande de pardon consiste soit en l'offrande de quelque chose, soit en le paiement du dina. Si une faute commise entre des époux est bénigne, le couple trouvera une solution à

ñ'ampela ka iñy da tsy raha avy eo koa iñy laha tsy omby ampodiana azy. Fa amy henany izao moa fa sarotsy ñy fieña, moa laha fa misy zaza an-trañondreo ao da mandeha avao ñ'ampela ndre da raha kedikedy avo indesy miantota añaminy.

Fa laha ñ'ampela koa izao no nanao hadisoa da roahin'ñy lilahy, laha ohatsy moa ka fa tampakevitsy hañary azy ñy vadiny da tovòiny ry, fa laha tsy mbo mahafoy ñy lilahy da alefany mody amy abany añy ñ'ampela da alainy avao lafa manitsinitsy ñy fony. Ñy mampiavaky anazy amin'ñy fiantotàn'ñy ampela izao, ñy an'ñy fiantotà amin'ñy lilahy da tsy raha mandeha amin'ñy aban'ñy lilahy añy ñ'ampela fa da ao atrañondrozy ao avao iy minday ñy fiantotàny miaraky amin'ñy olo be. Ka ñy fiantotà amim-bady da mety hampivitra fanambadia laha mandray fifona ñy vady nefa mety haharava anazy avao koa. Ñy tiako hotsaray da ñy fiantotà amim-bady tsy hakoan'ñy fiantotà hafa hoe lafa miantota da mivitra ñe filongoa fa ndre miantota hanao da mbo rava avao ni fanambadia lafa tena leo ñ'ilany.

Misy koa ñy fiantotà amin'ñy Zañahary sy ñy raza ary amin'ñy fañahy, ka io da fomba roa hinda no hañazavako

l'amiable. Mais si celle-ci est grave, la femme quitte son foyer. Elle consentira à la réintégrer que si son mari lui offre un bœuf. Mais comme de nos jours la vie est chère, si le couple a des enfants, l'épouse accepte de réintégrer son foyer même si son mari lui donne une somme insignifiante pour lui demander pardon.

Mais si c'est la femme qui est coupable, son mari la chasse. S'il est décidé de la répudier, il lui rend sa liberté. Mais s'il ne veut pas se séparer d'elle, il la renvoie chez son père pour la reprendre plus tard quand sa colère sera passée. La différence entre la demande de pardon d'un homme et d'une femme est que cette dernière n'ira pas chez le père de son mari. Sa demande de pardon se fera dans son foyer-même. Pour la circonstance, elle se fera accompagner par des notables. La demande de pardon à son conjoint peut sauver le mariage si celui-ci l'accepte ou aussi le détruire. Ce que je veux dire est la demande de pardon à son conjoint n'est pas identique à une autre demande de pardon à la suite de laquelle la relation de bon voisinage est rétablie pour des époux par contre, même si l'un des conjoints demande pardon, l'autre, offusqué, refuse et alors le mariage est détruit.

Il ya aussi une demande de pardon à

azy. Eo aloha voalohany hanao nanao hadisoa amin'ireo fañahy ireo da mitsara aminao mivata iy amin'ny fañahy nataonao tañaminy, da mitaky raha aminao iy hiantotanao añaminy. Mañaraky an'izay da iy avao koa no manondro ny toera sy ny fotoa na ny fombafomba atao amin'ny fiantotà añaminy.

Ñy mañaraky da tsy mañambara ndre ino ndre ino fa da hanao efa marary ka mamonjy ambiasa vo hita ny raha mamehy na mamparary anao. Eo izao da tsarain'ambiasa ny raha tokony hatao amin'ny fiantotà mba hahafaky ny raha mamehy anao. Na mety tsy handeha amin'ny ombiasy avao koa hanao fa misy raha tadidinao nataonao nefa tsy tian'ireo raha reo dia metota avao koa. Sindraiky koa, ohatsy hanao nampanaoviny raha nefa raha nampanaoviny anao iñy tsy nataonao da helofany avao koa henao amin'izay da mety harary da atao i raha nampanaoviny iñy da iñy da efa solon'ny fiantotà.

Dama Saily37 Taona,
Besavoa-Ihosa 26 Septambra 2008
Bara Mpamboly

Dieu, aux ancêtres et aux esprits. Je vais expliquer de deux façons. En premier lieu, si tu as commis une faute envers des esprits, ils te le reprocheront directement, te réclameront quelque chose pour que tu leur demandes pardon. Ensuite, ils te diront où, quand et comment effectuer la demande de pardon.

Quelquefois, les esprits ne disent rien. Mais c'est une fois que tu te sens malade et que tu consultes un devin que tu découvres ce qui te lie ou te rend malade. Alors, le devin te dit ce que tu devrais faire lors de ta demande de pardon pour que tu sois débarrassé de ce qui te lie. Ou bien, tu ne vas pas consulter un devin parce que tu te rappelles de ce que tu as fait, une chose que les esprits n'ont pas apprécié, et par conséquent tu vas demander pardon. Quelquefois, ils t'ont aussi demandé de faire quelque chose. Or tu ne l'a pas fait alors ils se fâchent contre toi au point de te rendre malade. Et si tu accomplis ce qui t'a été demandé, c'est comme si tu as demandé pardon.

Dama Saily37 ans,
Besavoa, Ihosa 26 Septembre 2008
Bara cultivateur

VII- ANTONY ANARIA ANAKY AN-KAZOMANGA

- 1) Voy: tsy mifanaraka amin'ny tenin'ny rainy sy reniny momba ny voy (halatra omby, vilany, mamonomono olona ...)
- 2) Hakeo: mifandimby vady amin'ny abany; mahasahy ny anabaviny.

Rehefa kivy ny abany dia vory daholo ny fokonolona ao an-tranon-donaky ary milaza hoe: “Tsy zanako intsony ary tsy havanareo koa, fa arahambanareo (fahavalonareo); izay ahafatesany no handevenan'ny olona azy.”

Amin'ny tany andehany aña dia tsy mety mahavanon-javatra izy, ka saika mandrakariva dia tsy maintsy miverina ny lohan'ny zaza, ka manapa-kevitra miantota amin'ny abany izy, mba hatsangan'ny abany ho zanaka indray.

Mandeha aña amin'ny tranon'ny abany izy mitondra ray aman-dreny to teny ho vavolombelon'ny fifonan'ny zaza marina. Mandady avy aña ny zaza

VII- LES RAISONS DU REJET D'UN ENFANT AU HAZOMANGA

- 1- Une faute, une mésentente avec son père et sa mère à la suite d'une faute (un vol de bœufs, de marmite, une agression...)
- 2- Une malédiction : prendre la femme de son père ; avoir un rapport sexuel avec sa sœur.

Quand son père ne sait plus quoi faire, la collectivité villageoise se rassemble dans la maison du chef de clan. Et le père dit : « Désormais, il n'est plus mon fils et votre parent, mais votre ennemi. Les gens l'enterreront là où il mourra. »

Là où il ira, la malchance l'accompagnera. Et souvent, l'enfant prend conscience de ce qui lui arrive, et décide de demander pardon à son père pour que celui-ci la reconsidère comme son fils.

Il revient alors à la maison de son père, accompagné des personnes crédibles qui seront témoins de sa réelle demande de pardon. L'enfant rampe sur le sol et lâche

ary milelaka ñy tongotry abany rehefa mandray azy izy. Mandrora amin'ñy lohan'ñy zaza ñy abany manao hoe: “Akory ñy ataoko, ñy fanahinao ratsy ihany no halako aminao, ka rehefa avy ianao, mandady ary milelaka ñy tongotro, dia ento ñy omby hitatako anao”.

Dia miverina ñy zaza diso maka ñy omby hoentiny amin'ñy rainy. Raha mahantra loatra ñy zanaka ka tsy manana omby, dia ñy rainy ihany no mahafoy azy.

Rehefa avy ñy andro efa voafidy dia mandeha ao antsinanan'ñy tranobe ñy fokonolona rehetra. Ñy lonaky dia mitsangana manatrika ñy hazomanga antsinanana. Ñy zaza diso dia mipetraka akaiky ñy hazomanga ary ñy omby voafatotra dia akaiky azy. Ñy fokonolona dia manodidina: ñy lehilahy avaratra, ñy vehivavy atsimo. Ñy lonaky mitana viarara, sy ñy lovia misy rano mangatsiaka; ñy sorony havanana tsy misafotra.

Omen'ñy mpitata ñy rano izay aidiny avy amin'ñy lohany ka hatramin'ñy rambon'ñy omby ary sintoniny intelo sady mikoka: “Ô! Ô! Ô!” Dia raisin'ñy mpitata indray ñy rano ka mitata izy hoe:

le pied de son père après que celui-ci ait accepté de le recevoir. Le père cracha sur la tête du fils et dit : « Que dois-je faire ? C'est à cause de ton mauvais comportement que je ne t'aime. Et maintenant que tu es revenu, que tu a rampé et lâche mon pied, apporte un bœuf que je puisse demander pardon pour toi.

Alors le fils coupable revient sur ses pas pour prendre le bœuf qu'il offrira à son père. Si le fils est pauvre et n'a pas de bœuf, c'est son père lui-même qui lui offre.

Quand arrive le jour choisi, tout le village se rassemble à l'est de la *tranobe*. Le chef du clan se dresse face au *hazomanga* à l'est. L'enfant coupable s'assit à côté du poteau du *hazomanga* et le bœuf attaché n'est pas loin de lui. Le chef de clan tient à la main son *viarara* (couteau sacrificiel), et une assiette contenant de l'eau fraîche, son épaule droite découverte.

On donne au sacrificateur l'eau. Il la verse de la tête à la queue du bœuf qu'il tire trois fois en criant : « Oh! oh! oh! » Le sacrificateur reprend de nouveau l'eau et prononce :

« O vous Zañahary du sud, du nord, de l'ouest et de l'est, nous n'avons pas beaucoup de raisons pour vous appeler : mon fils accompli quelque chose d'inadmissible et le voici qui se

« Añy ianao Zañahary, na mianatsimo, na mianavaratra, na miankandrefana, na miantsinanana, tsy firy ñ'antony iantsoana anao fa ñy zanako nanao zavatra tsy tomombana, ka io izy niverina, nahalala ñy marina, nitondra omby amiko izy, nifona tamiko izy, nitondra tanan-droa tamiko izy; ñy zanaka moa dia zanaka. Tsy hariana an-donaky intsony; izaho moa nanary azy tamin'ñy vavarano taloha, fa izy izao nahalala ñy marina, fa nitondra omby amiko abany, nahalala ñy marina izy ary nitondra amin'ñy lafin-dreniny, dia zanako izy, Terako izy. Izay ñy antony iantsoana anao, mba hahavokatra ñy voliny, hitombo ñy ombiny, mba ho tian'ñy fanjakana izy, toa ñy zanako sasany. Tsy manahy amiko izy, ka raisiko, raisiko amimpakasitrahana, raisiko am-pitiavana, mba hanasoa ñy zanaka, noho izy nahalala ñy marina dia azoko raisina. Dia tahaka izany koa ianareo fahasivy rehetra, miantso ñy añy an-Tezamaro aho fa ao no misy an-dRamarozaha. Izany no zavatra angatahina aminao, dia mitahia soa ianao Tezamaro, mitahiasoa ianao Vatsila. Nahazo antso, miavia; tsy nahazo antso miavia, tsy firy (ñy antony iantsoana anareo) fa ñy zanako niverina aminay. Izay no iantsoana anao.

Torak'izany koa ianao tany masina ity, mba hanjaka amin'ity tany ity koa izy. Izao no zavatra iantotako anao; mba ho vokatry ñy voliny, mba hitombo ñy ombiny. »

Vita izay dia atolony ñy zaza diso koa ñy viarara hanapahany ñy tendan'omby. Alain'ñy zaza amin'ñy viarara ñy loha ra ary ataony ao anaty lovia misy rano. Dia atolotry ñy zaza ñy mpitata koa ñy rano mifangaro ra.

repent, après avoir reconnu ses torts. Il m'a apporté un bœuf, il m'a demandé de pardon et m'a supplié de le pardonner. Un enfant reste un enfant. Je ne le rejeterai plus. Je l'ai rejeté sur les anciens fleuves, mais maintenant il connaît la vérité, il a apporté un bœuf, à moi son père. Il a reconnu, la vérité et a apporté un bœuf à ses parents du côté maternel. Il est mon fils. Je l'ai enfanté. Voilà pourquoi je vous appelle. Que ses plantations produisant, que ses bœufs se multiplient, que les autorités administratives l'aient, qu'il soit comme mes autres enfants. Il est gentil avec moi. Je le reçois, je le reçois avec joie. Avec amour, pour qu'il fasse du bien aux enfants. Parce qu'il a connu la vérité. Alors je peux la recevoir. Il en est de même pour vous tous, les esprits des morts. J'appelle ceux qui son à Tezamaro car c'est là que se trouve Ramarozaha. C'est ce que je vous demande. Alors, apporte-nous ta bénédiction, toi Tezamaro, toi Vatsila. Vous avez entendu notre appel, venez ; vous ne l'avez pas entendu, venez. Je vous appelle uniquement parce que mon fils est revenu parmi nous. Voilà pourquoi je vous ai appelé.

Il en est de même pour toi, la terre sacrée. Qui exerce un pouvoir aussi sur cette terre. C'est la raison pour laquelle je t'appelle. Que ses cultures produisent, que ses bœufs se multiplient. »

Après cette invocation, il donne le viarara à son fils pour que celui-ci coupe la gorge du bœuf. Le fils recueille le premier sang avec le viarara et la met dans une assiette contenant de l'eau. Puis il présente au mpitata asperge la tête de l'enfant coupable avec en disant : « Ma colère envers toi est passée. » Le reste de

Raisin'ny mpitata iñy dia afafin'ny mpitata amin'ny lohan'ny zaza diso miaraka amin'ny teny hoe: "Afaka ñy heloko taminao". Ñy sisan'ny rano dia afafiny amin'ny fianakaviana rehetra izay vory eo.

PAOLY BE
Elli L.
Fomba Bara pp : 249-250

VIII- RESAKA ATAO AMIN'ÑY FIANOTOTA

Fomba fianototàna rahefa lavitra ñy zaza diso

Misy fianakavian'ny aban'ny zaza diso lavitra ka milaza amin'ny zaza hoe: "miverena ianao miantota amin'ny abanao". Mety tsy hoafaka izy fa ny fianakavian'ny abany any no tonga amin'ny aban'ny zaza diso ka milaza aminy hoe: "Raisony zanakao fa miantota aminao araka ny hadisoany nataony aminao". Raha manaiky ny abany dia mahazo mitata ny abany. Alainy ny omby ary voriany ny fokonolona hanatrika ny fitatany ny zanany, na tsy eo aza io zanany io.

Mitsangana aloha ny ray, miantso

l'eau est aspergée sur tous les membres de la famille présente.

PAOLY BE
Elli L.
Fomba Bara, pp: 249-250

VIII-PROPOS SUR LA DEMANDE DE PARDON

Manière de demander pardon quand l'enfant coupable est loin.

Des parents du père de l'enfant fautif qui réside au loin lui disent : « reviens et demande pardon à ton père ». Il se peut qu'il ne puisse pas venir, alors c'est un membre de la famille paternelle qui vient voir son père et lui dit : « reçois ton fils car il te demande pardon pour la faute qu'il a commise envers toi ». Si le père accepte, il peut prononcer des invocations aux ancêtres. Il prend un bœuf, rassemble le village pour assister au sacrifice qu'il offre pour son fils, même s'il est absent.

Le père se lève d'abord, appelle Zanahary. Une fois cela fait, il s'assoit et

ny Zañahary. Raha vita izany dia mipetraka koa izy hiantso ny fahasivindrazana manao hoe: “Na dia tsy zanako izy, nefa raisiko ihany fa izaho abany no Zanahary namboa-tanany”. Ary manendry zanany iray hanapaka ny tendan’omby. Alain’ily zaza ny viarara ary tapahiny amin’ny tendan’omby. Avy eo alainy koa ny hosok’ary asitrika amin’ny tendan’omby. Raha vita, dia alain’ny zaza ny loha ra ary atsipiny any antsinanana, ny sasany kosa ahosotra ny hazomanga. Entiny amin’izay ny viarara ka atolony amin’ny lonaky ny lohan’ny mesa ary adeboky ny lonaky ny handrin’ny zaza ny ra eo amin’ny viarara.

Ilay hosok’ary dia ampitondrain’ny abany nitata ilay fianakaviana na olona mahatoky, na alefany amin’ny paositra, ho any amin’ny zaza diso. Rehefa tonga ilay hosok’ary, dia asain’ny zaza diso amin’ny vato iny ka adeboky ny fianakaviana (raha tsy misy fianakaviana dia izy ihany no manao azy) amin’ny handrin’ny zaza diso miaraka amin’ny teny hoe: “Afaka ny hatezeran’ny rainao”.

Raha misy andro ao aoriana dia mandeha any amin’ny ray aman-dreniny ny zaza, mitondra vola kely. Alain’ny

appelle les mânes de ses ancêtres en disant : « Même s’il n’est plus mon fils, je le reçois quand même car je suis pour lui comme son *Zanahary* qui a créé ses mains et ses pieds ». Puis il désigne un de ses fils pour couper la gorge du bœuf. Celui-ci le fait à l’aide du *viarara*. Puis il prend aussi le charbon (*hosok’ary*) et l’enfonce dans la gorge du bœuf. Ensuite, le fils recueille le premier sang et le jette à l’est puis frotte le *hazomanga* avec le reste. Il rapporte ensuite le *viarara* et lui présente l’extrémité. Ce dernier prend du sang sur le *viarara* et en marque le front de l’enfant avec.

Le père qui a prononcé l’invocation fait porter le charbon souillé de sang à un membre de la famille, à une personne de confiance ou le fera poster pour son fils coupable. Et une fois que celui-ci l’aura reçu, il le frotera sur pierre. Quelqu’un de sa famille ou lui-même, s’il n’en a pas marquera son front en disant « la colère de ton père est passée ».

Plus tard, le fils rendra visite à ses parents et leur offrira un peu d’argent. Le père prendra de l’eau froide, aspergera son fils avec en invoquant *Zanahary* et ses ancêtres. Il gardera ensuite l’argent pour lui.

PAOLY BE
Elli L.

Fomba Bara pp : 273-2274

abany ny rano mangatsiaka ary atsipiny amin'ny zaza diso taloha, sady miantso ny Zañahary sy ny fahasivin-drazana koa ny rainy. Dia raisin'ny abany ho azy ilay vola kely.

PAOLY BE

Elli L.

Fomba Bara pp : 273-2274

IX- TATA FIANTOTANA

(Eo amin'ny zanaka ariana ka averina indray)

Fatorana ao atsinanan-trano ñy omby, tsy dia lavitra ñy hazomanga; raha tsy maditra ilay omby dia aleo avela hitsangana, mitodika miantsinana. Mijoro eo aorian'io omby io ny lonaky mitafy lamba landy na lamba madio tsara. Eny an-tanany ñy viarara sy ñy fanovo misy rano. Ñy lehilahy rehetra mipetraka eo avaratry ñy zorotrano; ñy vehivavy eo atsimo. Azo atao ñy mampijoro ilay zaza eo ankavanan'ny mpitata, na asaina mipetraka ao aoriany. Ho fiantsoana ñy Zañahary dia mikoky ilay zaza: oh! oh! oh!; izay dia tondrahana rano ñy trafon'ny omby ary manomboka miteny toy izao ñy mpitata:

IX- INVOCATION POUR LA DEMANDE DE PARDON

(D'un enfant rejete et qui reintegre sa famille)

On attache le bœuf à l'Est de la maison, pas loin du poteau du *hazomanga*. Si le bœuf est calme, mieux vaut le laisser de bout tourné vers l'Est. Le chef de clan, *lonaky*, se dresse derrière le bœuf, vêtu d'une toge de soie ou proprement habillé. Il tient dans sa main son sabre sacrificiel, *viarara*, ainsi qu'un récipient contenant de l'eau. Tous les hommes sont groupés au nord des maisons, les femmes au Sud. On peut faire lever l'enfant à droite du sacrificateur ou bien l'invité à s'asseoir derrière lui. Pour appeler *Zanahary*, l'enfant crie « Ouh ! ouh ! ouh ! ». Puis on verse de l'eau sur bosse du bœuf, et le sacrificateur parle ainsi :

“Any ianao Zañahary, namboa-tanana, Zañahary namboa-tongotra, Zañahary antsinanana, andrefana, avaratra, atsimo. Na añy zavatra ataonao aza tamba fa tongava; izaho no miantso, mitalaho, ka miavia. Ñy zavatra iantsoako anao dia io Zanakano Ra..., zanako naterako, ratsy fiainana, ratsy toñotono, namaly ray namaly reny, tsy leo anary, niady, tsy nahalala nandefitra, ka nanary ray, reny, rahalahy, anabavy, fianakavia.

Dia tapa-kevitra aho fa aleo tsy niteraka azy; toy izany koa ñy mpianakavy. Aleo tsy manan-kavana azy; noho izany dia nateriko amin'ñy fokonolona, nateriko an-donaky eo anatrehan'ñy mpanjaka fa tsy zanako intsony. Marary izy ity: tsy mitsabo aho. Maty izy: tsy tomany aho, tsy misaona ñy mpianakavy, tsy miara-milevina amiko sy ñy razana. Mahary ianao Zañahary: avy ñy tahy, tong añy loza, voan'ñy tady am-bozona ka ka nahatsiaro ray, nahatsiaro reny, Havana fa nanarin'ñy Zañahary. Tonga eto amiko: “hody amin'ñy baba, hody amin'ñy neny”. Nitomany: “mifona aho baba, midrakadraka aho neny, miambezo aho zoky, mandady aho zandry.

Torotoro ñy foko, aho rainy, sady faly; nangoraka ñy fon'ñy reniny; tsy nitahiry heloka ireo havany, ka zanakay fa tsy maty, tsy toro. Ka mandray azy aho rainy sy ñy mpianakavy; ary ary dia manitsaka ñy lohany aho, fa izy kosa mandady ao ambaniko. Afaka ñy helony. Madio mangarahara ñy fonay. Zanakano io, ran-tongotra, ran-tanako, haleviko ary handevina ahy raha maty. Izany no iantsoako anao Zañahary. Ka io ñy omby, dia omby matavy, be vavan-trafo, io omby tsy marary, tsy nangalariko fa omby madio. Afaka ñy tahy, afaka ñy fondro, ka ho soa, ho tsara ho ela velona, hahatamana vady, ho maro

« Je vous invoque Zanahary, vous Zanahary qui avez façonné nos mains et nos pieds, vous Zanahary de l'Est, de l'Ouest, du Nord, du Sud. Même si vous avez quelque chose à faire, ne nous faites pas languir ; venez. C'est moi qui vous appelle, qui vous supplie, alors venez. Si je vous appelle c'est à cause de mon fils que voici. Je l'ai engendré, mais il se conduit mal, il tient des propos irrespectueux, est insolent envers son père et sa mère, incorrigible, belliqueux, ne sait pas pardonner et a rejeté son père, sa mère, ses frères, ses sœurs, sa famille.

J'ai alors pris la décision de le considérer comme si je ne l'avais pas engendré ; il en a été de même pour la famille. Mieux valait ne pas le considérer comme un parent. Par conséquent, je l'ai conduit devant la collectivité villageoise, devant les notables, devant le prince et j'ai déclaré que je ne le considèrerai plus comme mon fils. S'il est malade, je ne le soignerai pas ; s'il meurt, je ne le pleurerai pas, la famille ne portera pas le deuil, il ne sera enterré ni avec moi, ni avec ses ancêtres. Dieu, c'est toi qui crées : Des malédictions se sont abattues sur lui ainsi que les malheurs. Acculé, il s'est remis à penser à son père, à penser à sa mère. Il est redevenu un des nôtre parce que Dieu l'a corrigé. Il est venu me voir : « Je veux revenir chez mon père, je veux revenir chez ma mère ». Il a pleuré : « je te demande pardon papa, je te demande pardon maman ; pardonnez moi mes aînés, je me traîne à vos pieds, mes cadets.

J'ai été ému, moi son père, tout en étant content, le cœur de sa mère a eu pitié de lui. Ses parents n'ont pas gardé rancune contre lui, car notre enfant n'est pas mort, n'a pas été anéanti. Alors je l'ai reçu, moi son père ainsi que toute la famille. Je lui écrase la tête, car lui, il rampe à mes pieds. Sa faute est levée. Notre cœur est dégagé de

anaka, ho toambo be ny omby, hahavoka-boly, hambinin'ny tany masina, ho mamy hoditra amin-kavana sy ny fokonolona ary ny mpanjaka. Ny lasa dia lasa, tsy hisy tahy intsony amin'ny andro sisa hiainany. Ka na eo aza ny ady madinika ifanaovan'ny mpianakavy, dia tsy ho tsininy, fa toa ny sotrobe sy ny vilany ny olona ka tsy maintsy mifandona. Izahay fokony na ny eto na ny lavitra dia samy madio ny fonay ka mamela ny helony daholo. Indro ary ny omby ho anao Zañahary, ka ny ainy anao, ny hena anay”.

Dia misioka indray ilay zaza: “fio! fio!”, intelo. Antsoina ny razana ka araka ny fomba, satria samy manana ny anarany tsirairay ireo fasana ilevenan'ny razana avy amin'ny ray sy ny reny, dia tononina aloha ny anara'ny fasana, izay vao manonona ny anaran'ny olon-dehibe milevina ao. Asaina mihaino tsara ireo zanaka aman-jafy, satria eo no ahafantarany ny fototra nihaviany sy ny fasana tiany hilevenana raha maty izy.

“Fasana ao ... ao ianao Ranona Ranona Ranona ...”

“Fasana ao ... ao ianao Ranona Ranona Ranona ...”

“Ianareo tompon'ny nahandro, ianareo tompon-ono, ny voatonona miavia, ny tsy voatonona tongava, ento ny zaza, ento ny vavea, fa aho Ranona no miantso anareo. Indro ny omby, omby vondraky, lava trafo, tsy nangalarina io fa omby madio”.

Izay rehetra notantaraina tamin'ny

toute rancœur. Il est mon fils, le sang de mes pieds, le sang de mes mains. Je l'enterrerai et il m'enterrera si la mort se produit. Voilà pourquoi je t'invoque, Dieu. Et voici un bœuf, un bœuf gras, à grosse bosse. Ce bœuf n'est pas malade, je ne l'ai pas volé. C'est une offrande pure. La malédiction est levée, le malheur est écarté. Qu'il se porte bien, qu'il vive longtemps, qu'il s'entende avec sa femme, qu'il ait beaucoup d'enfants, que ses bœufs se multiplient, qu'il fasse de bonnes récoltes, que la terre sacrée lui porte chance, qu'il soit estimé par sa famille, la collectivité villageoise et le prince. Le passé est passé. Que la malédiction ne s'abatte plus sur les jours qui lui restent à vivre. Et même si des querelles surgissent entre parents, qu'il n'en porte pas la responsabilité. Les êtres humains comme la louche et la marmite : il leur arrive inévitablement de se cogner. Nous ses parents, aussi bien ceux qui sont ici ou qui sont au loin, nous ne gardons plus rancune contre lui. Nous avons tous pardonné sa faute. Voici donc le bœuf que nous t'offrons, Dieu : sa vie t'appartient, la viande est pour nous. »

Et le fils siffle encore « fio ! fio ! fio ! » trois fois. On interpelle ensuite les ancêtres. Selon la coutume, les ancêtres du côté paternel est maternel ont chacun un tombeau où ils sont enterrés. Alors on prononce d'abord le nom du tombeau puis on interpelle les adultes qui y sont enterrés. On invite les enfants et les petits-enfants à bien écouter car c'est en cette occasion qu'ils connaissent leurs origines et les tombeaux où ils souhaiteraient être plus tard enterrés.

« Le tombeau qui est à ... vous êtes là vous

Zañahary, dia averina indray ho ren'ñy razana. "Ianareo razana avy amin-drainy, avy amin-dreny, ran-tongotrareo, ran-tananareo io. Tsy manam-po aminy intsony izahay. Ho soa ho tsara io zaza io".

Eo amin'ñy tany masina dia tsy misy koky na sioka fa avy hatrany dia antsoina hoe:

"Eto ianao Tany masina, ñy lanitra no rainay, ñy tany no reninay ivelomanay. Masina ianao, tsy atao hala, tsy azo tsipahina, tsy azo ierenana. Ñy malay anao dia malay Zanahary. Mandrenesa ianao, manàna vetsovetso, manàna taliharitsy (zo). Eto aminao no iveloman'io zaza io, hitsangana io, hiompy hihary io, hiteraka io, tsy harary, tsy hanelo, hanitsinitsy, hanaranara, tsy ho azon-doza. Madio ñy ao am-ponay izahay ka afaky tahy, foana ñy lolom-po, foana ñy alahelo. Ka tahio soa, tahio maivana.

Indro ñy omby aminareo raza sy tany masina, atolotray anareo, anay anareo razana, ñy rany anao Tany masina fa ñy hena ho anay. Koa dia mitahia Zanahary, mitahia ianareo razana, mitahia ianao Tany masina, ka na miantsinanana, na miankandrefana, na mianavaratra, na mianatsimo, dia samy ho soa ho tsara izahay mianakavy".

Rehefa tapahina ñy tendan'ilay omby, dia analana ñy ra mivoaka eo ka anampy ilay rano amin'ñy fanovo dia afafy amin'ñy olona rehetra vory eo na lahy na vavy, na kely na lehibe (fafy rano). Ametrahan'ny rano sy ra iñy ka ampiana ra sy rano indray dia

un tel, un tel... etc. » Et ainsi de suite. « Vous est destiné se repas, cette grillade. Vous qui êtes interpellés, venez ; vous qui ne l'êtes pas, venez. Venez avec les enfants, avec les femmes, car c'est moi un tel qui vous appelle. Voici un bœuf, un bœuf gros, à grosse bosse. Il n'a pas été volé ; c'est une offrande pure. »

On répète aux ancêtres, pour qu'ils l'attendent, tous ce qui à été dit à Dieu. « Vous nos ancêtres, du côté paternel et maternel, cet enfant est le sang de vos pieds, le sang de vos mains. Nous n'avons plus de grief contre lui. Qu'il soit bien ! »

Quand on s'adresse à la terre sacrée, il n'y a ni crie ni sifflement. On l'interpelle directement comme suit :

« Tu es là, toi la terre sacrée : le ciel est notre père, la terre est notre mère grâce à laquelle nous vivons. Tu es sacrée et nous ne pouvons ni ne pas t'aimer, ni te rejeter, ni te renier. Celui qui ne t'aime pas, n'aime pas Dieu. Ecoute, aie une pensée pour lui, fais connaître tes droits. C'est sur toi que vit cet enfant. Qu'il soit quelqu'un, il élèvera du bétail, il aura des enfants. Qu'il ne soit ni malade, ni maladif. Qu'il soit bien portant, qu'il ne lui arrive aucun malheur. Nous n'avons plus de rancœur envers lui et notre malédiction a été levée ; notre rancune et notre tristesse ont disparu, alors, protégez-le bien.

Voici un bœuf qui vous destiné, à vous nous ancêtres et à toi la terre sacrée. Nous vous l'offrons à vous nos ancêtres. Son sang est pour toi, la terre sacrée, sa chair sera pour nous. Alors bénissez-nous Dieu, vous les ancêtres, toi la terre sacrée. Que nous allions à l'Est, à l'Ouest, au Nord ou au

ampandroana (anasana) amin'ilay zaza noraisina teo. Hosorana iñy ra sy rano iñy ñy lohany sy ñy tenany manontolo sy ati-vavany koa aza ary ñy fitafiana teny aminy.

Araka ñy tena fomba dia tsy mba asiana antsa na dihy ñy karazana tata toa itony, raha tsy ohatra ka misy fisotroantoaka izay manery ñy mamamo handihy. Ñy antony dia satria heverina ho toy ñy fahagagana io na kosa sao miverina ilay zaza fatsy izy no mifona fa kosa ñy fokonolona no manenina ka nitady lalana hifona taminy.

Miatomboka amin'ñy andro nanaovana ñy tata ka mandritra ñy herinandro dia avela hampiseho toetra mitamby fihavanana izy, fa tsy ny olona no mitambitamby azy.

Elli L.
Fomba Bara. pp 274-277

Sud, que nous puissions bien nous porter, nous et notre famille. ».

Quand on égorgera le bœuf, on recueillera son sang qu'on mélangera à l'eau d'un bol. On aspergera l'assistance avec, hommes et femmes, petits et grands aspersion. Puis on ajoute de l'eau et du sang au reste. On baigne l'enfant qui sera réintégré dans la famille avec. On frotte sa tête, son corps tout entier, l'intérieur de sa bouche et les vêtements qu'il porte avec.

